

DINA FANDRAISANA NY ZAZA VAO TERAKA ARY NY ANKOHONANY ETO AMIN NY CENTRE HOSPITALIER OUEST REUNION



INITIATIVE HÔPITAL
AMI DES
BÉBÉS

CHR
CENTRE HOSPITALIER
OUEST REUNION

Ireo mpiara-miasa rehetra eto amin'ny Maternité sy Fikolokoloana ny zaza vao teraka dia manome toky fa handray sy hitantana tsara anao hiteraka ny zanakao. Ny fitantanany dia hanaja ny fandaminana noheverinao hitondrana ny aizan'ny zanakao, ary hiantoka ny fahasalamany, na inona na inona fomba fampinonoana noheverinao ho an'ny zanakao.

TOLO-KEVITRA

Izaho dia tokony hinono amin'ny reniko Mandritran'ny 6 volana voalohany nahatereheko sady afaka tohizana amin'ny fanomezana sakafo hafa sahaza ahy hatramin'ny faha 2 taoneko na mihoatra.

FANOHANANA

Mpitsabo tsara ofana no mikolokolo ahy eto ; tomombana ny zavatra ilaiko mifandrindra amin'ny fivoarako manokana. Noho ny fikolokoloana avo lenta omen'izy ireo dia matoky aho fa tsara antoka ny fahasalamako.

ROHY MARO

Ho eo anilanao mandrakariva aho, ry neny, na andro io na alina. Raha ham-pidirina ao amin'ny pédiatrie, toerana fitsaboana ny zaza aho, dia hitandro mandrakariva ny hitohizan'ny fifandraisantsika ny mpitsabo , ary hanaramaso ny fotoana tokony hanombohan'ny fampinonoana ahy.

FAMPAHALALANA

Mbola am-bohoka aho dia efa nahazo torolalana i Dada sy i Neny, ka vonona tsara amin'ny fandraisana ahy : ny fiterahana, ny sakafoko, ny fivoarako, ny zavatra ilaiko.

FAMPINONOANA

Tokony hinono matetika aho, ry Neny, mba ho sy sahoza ahy tsara ny nononao. Tsy hila ronono hafa ankoatra ny nononao aho, raha tsy misy toromarika ara-pahasalamana hafa angaha. Ary izany dia mandra-pahafeno-noko enim-bolana. Tsy mila zavatra hotsentsafina aho (sucette) , fa aleoko tambitamby sy safosafosy.

MAHAZO AINA

Vao teraka aho dia hianoka hafanana satria hifanolo-koditra amin'i Dada sy i Neny.

SARY FAMAHAHANANA

Raha nisafidy ianao fa biberon no homena ahy, dia hanome anao fampianarana manokana ny mpitsabo, hanoro anao ireo fitandremana ara-pahasalamana tokony hikarakarana ny biberon.

AMPIHARO

Vao teraka aho, ry Neny, dia efa azonao omena nono, raha izay no safidinao. Hanampy anao ny mpitsabo hamantatra ny fotoana mahavonona ahy hinono ary hamomana tsara ny fitoerako mba ho tsara fiainga ny finonoako.

SAFIDY MALALAKA

Mifanaraka amin'ny fanambaràna nataon'ny oms, za tsy tia dokam-barotra sady tsy mila fanandramana ary ny ray amandreniko koa fa malalaka ny safidiny amin'ny sakafo tiany omena ahy.

Rehefa hivoaka ny Maternité isika, dia homena anao izay torolalana sy torohevitra mahasoana hanamboarana ny sakafoko. Omena tolo-tanana ianao hiarahanao amina olona voaofana mahay : "sage femme libérale", mpanome torohevitra momba ny fampinonoana, olona voaofana avy ao amin'ny PMI (sampan-draharaha miaro ny reny sy ny zaza) , dokotera mpitsabo, fikambanana eny anivon'ny fiaraha-monina mety hanampy anao.

